inter aide

Lancement et suivi de programmes concrets de développement

# Toro-lalàna ho ampiasain'ny ekipa kaominaly

*« Ahoana no ahafahan'ny kaominina miantoka ny asa fanaraha-maso ny fitantanana ny fotodrafitrasa fahazoana rano fisotro madio ? »*




**Fampiharana ny fitompoana taozavatra Kaominaly amin'ny toerana ambanivohitra anatin'ny sehatra Rano-Fahadiovana-Fidiovana (Eau-Assainissement-Hygiène EAH)**

Boky niala avy tamin'ny atrikasa « fitantanana sy fanarahana ny fotodrafitrasa anatin'ny fitompoan'asa Kaominaly » nokarakarain'ny Inter Aide tao Mahambo, ny 10 sy 11 Novambra 2015 anatin'ny programa AREA ampian'ny vondrona eoropeana amin'ny famatsiana vola ary miaraka amin'ny Ministeran'ny Rano, ny fahadiovana ary ny Fidiovana sy ireo solon-tenany isam-paritra ary ireo ONG Fikrifama, Gret, Inter Aide , Medair et Protos

Tetik'asa vatsian'ny VONDRONA EOROPEANA

*Ny zavatra varafitra anatin'ity boky ity dia mandrakitra ny fijerin'ny Inter Aide ary tsy azo raisina ho fijerin'ireo mpiaramiombon'antoka hafa*

# Inona no antony anaovana ity boky momba ny fitompoana taozavatra ity?



Ireo fotodrafitrasa dia natao hanaraka fenitra **ara-teknika** mba hateza.



Fa tsy ampy anefa izany. Ireo fotodrafitrasa dia mila fikojakojana sy fanamboarana.
Izany no mahatonga ny fanaganana ireo **Mpitantana fotodrafitrasa**



Fa tsy ampy ihany anefa izany. Tsy mahavita ny asany ireo mpitantana raha tsy misy mpanaraka.
Tsy maintsy manaraka ny asan'ireo mpitantana ny **Kaominina**.

Ny tsy fietezan'ny iray amin'ireo dia mitarika ny fahasimban'ny fotodrafitrasa sy ny fiverenana amin'ny seranana taloha na ho ela na ho haingana.





TSARA NY MANAMBOATRA FOTODRAFITRASA ! FA TSARA KOKOA NY MIKOJAKOJA AZY IREO !

***Ny lalàna n°98-029 ny 20 Janoary 1999 mikasika ny lalàna mifehy ny rano dia mametraka ny Kaominina ho tompon'ny taozavatra famatsiana rano fisotro madio.***

***Ity boky ity dia manazava amin'ireo ekipa kaominaly sy ben'ny tanàna ny asan'izy ireo manoloana ny fanarahana ny fotodrafitrasa sy ny fomba hametrahana Sampandraharahan'ny rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana (services techniques STEAH) manamora ny fanarahana sy fitantanana ny fotodrafitrasa rano fisotro sy fahadiovana.***

***Tsy manana fijery ofisialy ity boky ity ary mety tsy ho feno. Mandrafitra kosa izy ireo fomba tsara. Misy fisy 7 mandrafitra azy ahitana ireo zava-dehibe sy asan'ireo mpiandraikitra kaominaly sy ireo fitaovana ilaina amin'ny asany.***

# FIZARAN-TAKELAKA

**# Ny Fitompoana taozavatra kaominaly amin'ny toerana ambanivohitra eto Madagasikara**

Inona avy ireo andraikitry ny tompon'ny taozavatra ? Fisy 1

Ny sampan-draharaha teknika momba ny rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana (STEAH) Fisy 2

Ireo mpisehatra eny anivon'ny Kaominina voakasiky ny fitantanana sy fanaraha-maso ny fotodrafitrasa Fisy 3

Ny fampidirana ireo mpisehatra anatin'ny rafitra fanarahamaso ankapobeny Fisy 4

**# Fanaraha-maso ara-teknika ireo fotodrafitrasa sy ireo mpitantana** Fisy 5

**# Fanaraha-maso ara-bola ireo fotodrafitrasa sy ireo mpitantana** Fisy 6


**# Fampahafantarana, Tamberin'andraikitra sy Fangaraharana** Fisy 7

**# Fitahirizana taratasy sy tahirin-kevitra** Fisy 8

**# Ho voahosotra ho tompon'ny taozavatra** Fisy 9

# Inona avy ireo andraikitry ny tompon'ny taozavatra ?

## Ny fitantanana aorian'ny fanamboarana : antoky ny fampaharetana ny fotodrafitrasa



### MANADIHADY

Mamaritra ireo tanjona momba ny fahazoana rano sy fahadiovana (tapany mikasika ny rano sy ny fahadiovana anaty PCD, PTA)



### MANATANTERAKA

- Mitady famatsiam-bola.
- Mikarakara ny lahasa




### MAMETRAKA FEPETRA

Mamolavola fanapahan-kevitra sy didim-pitondrana mamaritra ny fomba fitantanana



### MITRANDRAKA

- Miantoka ny fampaharetana ny taozavatra
- Manara-maso ny asan'ny mpitantantana sy ny kalitaon'ny raharaha.

IREO ASA IREO DIA MITARIKA....

### FANDRINDRANA



Mampifandray ireo mpisehatra rehetra

### FAMPITANA



- Amin'ireo mpampiasa rano.
- Amin'ireo manampahefana (distrika, DREAH, ...)

### Manaraka sy miantoka ny fikojakojana ny fotodrafitrasa

Manaraka sy manampy ny mpitantana fotodrafitrasa (komitin'ny rano na mpandraharaha) anatin'ny asan'ny sy ny fanajana ny andraikitr'izy ireo ho fikojakojana ny fotodrafitrasa.

### Manaraka sy manampy ny fitantanana ara-bola

Manaraka ny vidin'ny fitantanana sy fikojakojana (sady ho an'ny Kaominina no ho an'ny mpampiasa rano).

### Manelanelana

Mandray fepetra rehefa misy olana: fanasaziana raha ilaina (na ireo mpitantana na ireo mpampiasa rano).

### Mampita

Mampita amin'ireo mpampiasa rano momba ny zavamisy sy ireo fanapahan-kevitra.

### Ahoana no fomba hanatanterahana ny asa fanaraha-maso?


Amin'ny alalan'ny Sampandraharaha momba ny rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana (STEAH)

# Ny Sampandraharaha teknika momba ny rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana (STEAH)

## Ireo andraikitry ny Sampandraharaha teknika momba ny rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana

= Sampandraharaha iray anatin'ny Kaominina mba hiantoana ny fahazoana rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana amin'ny fomba maharitra.

= Ekipa teknika maharitra iray afaka ...




Manaraka ireo mpitantana sy manana fijery ankapobeny momba ny zava-misy rano-fahadiovana-fidiovana

ARA-TEKNIKA > FISY 5

Manara-maso ny fomba fampiasana ny vola

ARA-BOLA > FISY 6

Mampandre sy manentana ny mpampiasa rano


TAMBERIN'ANDRAIKITRA > FISY 7

Mitahiry ireo taratasy sy tahirin-kevitra mikasika ny rano-fahadiovana-fidiovana

FITAHIRIZANA > FISY 8


## Ahoana no fomba ametrahana ny STEAH ?

Mitovy amin'ny fametrahana sampandraharaha kaominaly, ny fametrahana STEAH dia manaraka ny lalàna 2014 - 020 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjarampahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo (fanaganana ny sampandraharaha amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny filan-kevitra avy eo fanatanterahan'ny ben'ny tanàna amin'ny alalan'ny didim-pitondrana). Rehefa mitsangana izany dia mandray ho mpiasa **teknisianina iray** hampandeha ny STEAH. Ho an'ny Kaominina ambanivohitra, izay matetika tsy ampy loharanom-bola, dia ireto ny azony atao :



Na mampiasa teknisianina manokana ho an'ny STEAH mianga avy amina fisy tolotr'asa sy fifanarahana arak'asa mazava. Ny karamany amin'izay dia avy amin'ny teti-bolan'ny STEAH.

*Mety koa ny mampivondrona kaominina maromaro anaty **OPCI** na Organisme Public de Coopération Intercommunale. Amin'izay ny **STEAH dia hitambaran'ny Kaominina maromaro** ary ny teknisianina dia manara-maso ny fotodrafitrasa rehetra anatin'ireo Kaominina. Ny famatsiana azy dia hiantohana arakaraky ny isan'ny fotodrafitrasa anatin'ny Kaominina tsirairay*



Na mampiasa teknisianina efa manana asa iray na maromaro hafa : ny fahazia-manaony araky ny rano-fahadiovana-fidiovana sy araky ny fandrindrana ny sampandraharaha dia ilaina amafisina.

*Ilaina ampitomboana ny fanaraha-maso amin'ity mba tsy ho be loatra ny asany ka tsy ahavitany ny asany rehetra.*

## Ahoana no hamatsiana ny STEAH ?

**Inona no voalazan'ny lalàna**


*Ny fampiasana rano vatsiana ho an'ny daholobe dia andoavam-bola (andininy 54 ny lalàna mifehy ny rano 1999).*

*Ny andininy 34 ny lalàna 2014-020 dia mametraka ny ben'ny tanàna ho lehiben'ny sampandraharana, izy izany no miandraikitra ny fikarakarana ny famatsiana ny STEAH ataon'ny Kaominina.*

*Maro ny loharanom-bola azo etsiketsehina :*

- *Hofa amin'ny fakana tahirin-drano (andininy 69 ny lalàna mifehy ny rano 1999)*
- *Haba avy amin'ny vidin-drano: ny fidiram-bola avy amin'ny fitantanana mpandraharaha dia tsy mihoatra ny 10% ny tentin'ny afakaba (andininy 55 ny lalàna mifehy ny rano 1999)*

### Fitantanan'ny fokonolona



Ampahany amin'ny latsak'emboky ny mpampiasa rano izay tapahin'ny filan-kevitra

\+

Tamberim-bidy avy amin'ny fantsona manokana

\+


### Fitantanan'ny mpandraharaha



Haba avy amin'ny mpandraharaha (10% farafahabetsany).

\+

### Volan'ny Kaominina




Famatsian'ny Kaominina

N'inon'inona ahaben'ny Kaominina, isan'ny mponina, fahazoana rano, ny fananana STEAH dia fandrosoana lehibe mba ho voahosotra ho tompon'ny taozavatra. Ireo


# Ireo mpisehatra eny anivon'ny Kaominina voakasiky ny fitantanana sy fanaraha-maso ny fotodrafitrasa

FISY 3

## Kaominina

na

O.P.C.I




- Mamaritra sy manavao politika momba ny rano-fahadiovana-fidiovana
- Mamaritra teti-bola ho an'ny rano-fahadiovana-fidiovana
- Manombana ireo mpitantana amin'ny fijerena ny asan'ny STEAH
- Mandrindra ny mpisehatra sy ny asa miaraka amin'ny STEAH
- Mampihatra ny fitsipika ary manasazy raha ilaina
- Mampita amin'ireo mpampiasa rano (mampita, manentana...)
- Mampita amin'ireo manam-pahefana (distrika, DREAH)


### Fanaraha-maso

## STEAH




- Mikarakara fanaraha-maso ara-teknika ireo fotodrafitrasa, sy ny fandraisana andraiktr'ireo mpitantana, avy eo manome toro-hevitra
- Miantoka ny fanajan'ireo mpitantana ny famindram-pitantanana (komitin'ny rano na mpandraharaha tsy miankina)
- Miantoka ny fampiasana ny vola hanatanterahana ny fikojakojana araka ny tokony ho izy sy amin'ny fomba mangarahara
- Mampita momba ny asany ary mampifandray ny ekipa kaominaly, ireo mpitantana sy ireo mpampiasa rano
- Mitahiry ireo tahirin-kevitra momba ireo fotodrafitrasa sy ireo mpitantana

## Mpitantana



MPANDRAHARAHA



KOMITIN'NY RANO (na Federasionina)

- Mitantana sy mampandeha ireo fotodrafitrasa
- Mamolavola teti-bola fikojakojana
- Manangona ny fandraisan'anjaran'ireo mpampiasa rano
- Manome ny tamberim-bidy amin'ny tompon'ny taozavatra
- Manaja ny taratasy famindram-pitantanana
- Mampita amin'ny tompon'ny taozavatra
- Mampita amin'ny mpampiasa rano

*MPANDRAHARAHA:*
- *Maka ny tarehi-marika ao amin'ny kaontera / Manao ny faktiora*
- *Manao tatitra ara-teknika sy ara-bola amin'ny tompon'ny taozavatra*
- *Manatanteraka ny hetahetan'ny mpanjifa*

*KOMITIN'NY RANO:*
- *Manomana fivoriana momba ny fitantanana*
- *Manangona ny latsak'emboky ny mpampiasa rano*


## Mpampiasa rano



- Manaja ireo fitsipika sy Dina
- Mandoa ny latsak'emboka sy ny tamberim-bidy
- Manao fitarainana raha misy tsy fahafaham-po momba ny kalitaon'ny asa

FISY 4

# Ny fampidirana ireo mpisehatra anaty rafitra fanarahamaso ankapobeny



# Fanarahamaso ara-teknika ireo fotodrafitrasa sy ireo mpitantana

## Asa sy andraikitra




### Andraikitry ny STEAH

•Mandrindra sy manatanteraka ireo fitsidihina hijerena ny toetran'ireo fotodrafitrasa ara-teknika, ny fandraisana andraikitr'ireo mpitantana ary ny fampiasana tsara ny vola.

Ny fitsidihina an-toerana koa dia tokony hanaovana ny tombana momba ny fanana kabone eny an-tanàna, ny fahadiovana ankapobeny ary hanomezana toro-hevitra.

•Mizara ireo hitany mandritra ireo fivoriana fanombanana miaraka amin'ireo mpitantana sy manome toro-làlana; mamaritra drafitrasa fanatsarana sy fanitsiana

•Manatanteraka fitsidihina fanindroany mba hanarahana ny fivoarana.

•Manelanelana ireo olana raha misy amin'ireo mpisehatra (tsy maintsy mijery hoe ahoana ny fandraisan'ny mpitantanana ny fitarainan'ny mpampiasa rano) .

•Manasazy raha ilaina (mifanaraka amin'ny ekipa kaominaly) raha tsy voahaja ireo fifanarahana na ireo fitsipika).

Fitantanan'ny fokonolona


•Ny teknisianina STEAH dia afaka manampy ireo komity hamolavola drafitrasa,

•Afaka izy manondro maçons na mpivarotra kojakoja,...

Fitantanan'ny mpandraharaha

•Ny fanaraha-maso ny asan'ny orin'asa mpitantana dia mandalo fandinihina ireo tatitra ara-teknika sy ara-bola izay tsy maintsy ataony.

•Ny STEAH dia afaka manendry mpanara-maso ivelany hijery ny tomban'ezaka vita.




### Andraikitry ny ekipa kaominaly

•Manara-maso ny fandrindran'ny teknisiana STEAH ny asany

•Manotrona ny STEAH mandritra ny fivoriana miaraka amin'ny mpintantana (indrindra ireo mpandraharaha)

•Mahafantatra ny fanajana ireo taratasy famindram-pitantanana sy ny kalitaon'ny asa ho an'ny mpampiasa rano

•Manotrona ny STEAH anatin'ny fanasaziana : miantoka ny maha-ara-drariny izany

•Mandray ny fitarainana, fitakiana na ny hevitra avy amin'ireo mpampiasa rano momba ny kalitaon'ny asa atolotry ny mpitantana

•Manentana sy mandray anjara amin'ny fampitana amin'ny mpampiasa rano, ny mpampiasa rano. Mampatsiahy azy ireo ny andraikiny sy mampandre ireo fitsipika sy sazy. Mampihatra azy ireo.

•Miantoka ny fanajana ny fifanarahana, manavao izany raha ilaina

•Mandray anjara amin'ny fanarahamaso ny tatitra ara-tekinka sy ara-bola

•Manendry sy manaramaso ireo mpanaramaso avy ivelany

Izany dia mitaky :

•Fahafantarana ny fotodrafitrasa rehetra (fanisana)

•Fahafantarana ireo andininy anaty fifanekena famindram-pitantanana soniavin'ny mpitantana sy ny Kaominina

•Fitadidiana ireo toro-lalàna napetraka, amin'ny fanoratana tatitry ny fitsidihina sy amin'ny fitahirizana azy ireo araky ny laharam-pahamehana,

•Fanatanterahana fitsidihina araky ny laharam-pahamehana...


**Tondro (indicateurs) ohatra amin'ny fanarahamaso ara-teknika suivi technique**

- Fotodrafitrasa mandeha anatin'ny fotodrafitrasa rehetra
- Fivoaran'ny tahan'ny fandehanan'ny fotodrafitrasa
- Ahabetsahan'ny fitsidihina fisorohana
- Fitohizany asa atolotra *(Continuité de service)*
- Isan'ny fahasimbana *(pannes)*
- Ahafainganan'ny fanamboarana ny simba
- Kalitaon'ny asa
- Kalitaon'ny rano
- Ahabetsahan'ny rano voazara

FISY 5

# Fitaovana sy tondro (indicateurs) ohatra amin'ny fanarahamaso ara-teknika

**Drafitra fampandrosoana ny Kaominina** (PCD - Plan Communal de Développement) **tapany mikasika ny rano-fahadiovana-fidiovana**



Tondrozotra ankapobeny ho an'ny STEAH :

- Mirakitra ny fotodrafitrasa rehetra, ny filàna anatin'ny fotoanany
- Mamaritra ireo laharam-pahamehana sy ny lamin'asa,

Mila avaozina isaky ny roa taona farafahakeliny.

**Taratasy fifanekena famindram-pitantanana**



Taratasy mitanisa ireo andraikitra eken'ny vondrona tsirairay avy. Io dia tondrozotra arahina mandritra ny jeritodika momba ny fitantanana.


*Tsara ho fantatra : amin'ny maha anisan'ny mpanao sonia azy, ny MINEAH sy ireo DREAH solotenany dia afaka hantsoina mba hanampy amin'ny fanatanterahana ny fanarahamaso ny fanajana ny fifanarahana (mba hanadihady sy hanaramaso ireo mpikarama).*

- **Fitsipika anaty sy DINA**
- **Lalàna mahakasika ny fitompoana taozavatra (lalàna mifehy ny rano sy didy fampiharana)**




Ireo dia ilaina fantatry ny ekipa kaominaly sy ny STEAH mba hahafahany mampitaha sy mampihatra ny sazy raha ilaina, miantoka ny manara-dalana.

**Fisy fanarahamaso ara-teknika sy ara-bola**



Ohatra iray, kahie isaky ny fotodrafitrasa mirakitra fanontaniana sy teboka arahina isaky ny fitsidihina.

Afaka izany mijery ny tatitra sy toro-lalàna napetraka nandritra ny fitsidihina taloha.

**Laminasa isan-taona ho an'ny mpitantana**

**Laminasa isan-taona ho an'ny STEAH**

Teti-andro Ambohibe

| AXE | Tanàna | J | F | M | A | M | J | J | A | S | O |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Ampasina | Ampihaonana | | BA1 | EDLOG1 | | | T | V | BA 2 | EDLOG2 | |
| | Masomizahalahy | A | | BA1 | EDLOG1 | | O | a | | BA2 | EDLO |
| | Ambohimiarina | t | | | BA1 | EDLOG1 | M | | | | BA2 |
| | Marovato | | BA1 | EDLOG1 | | | | o | BA 2 | EDLOG2 | |
| | Tanambao Marovato | r | | BA1 | EDLOG1 | | B | m | | BA2 | EDLO |
| | Sahamora | i | | | BA1 | EDLOG1 | A | | | | BA2 |
| | Ampasina | | | | | BA1 | N | i | | | |
| | Ambodimanga Ravahiny | k | | | | | E | e | | | |
| | Ambolomadinika I | a | | | | | Z | | | | |
| Mahasoa | Mahasoa | | | | | | | r | | | |
| | Ambolomadinika II | s | | | | | A | a | | | |
| | Anjiro | a | | | | | K | | | | |
| | Ambohimahasoa | | | | | | A | | | | |
| | Ambohibe | | | | | | | | | | |


Ahafahana mandrindra ny asa sy manomana izany, ny tsirairay na ny mpitantana na ny STEAH, dia afaka mandamina ny asany anatin'ny fotoana. Manana fijery ankapobeny amin'izay momba ireo tanjona sy ireo asa tokony atao.

**Tabilao fandravonana ireo fitsidihina**

| AXE | Tanàna | TEKNIKA: Toetry ny FTD (0/1) | TEKNIKA: Toetry ny robinet (firy/firy) | TEKNIKA: Fanarahana ny toro-hevitra (firy/firy) | TEKNIKA: Torohevitra (...) | FITANTANANA: Fitantanana KR (vola sy mangarahara) (0/1) | FITANTANANA: Taux BA (%) | FITANTANANA: Versement SCE (0/1) | FITANTANANA: Fanarahana ny toro-hevitra (Firy/firy) | FITANTANANA: Torohevitra (...) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Ampihaonana | | | | | | | | | |
| | Masomizahalahy | | | | | | | | | |

Fandravonana ahitana ireo vaovao lehibe tamin'ny fitsidihina rehetra sy fanamorana ny fandaminana ny asa.

**Toro-lalàna teknika**



Mba hanatanterahana ireo fanarahamaso ara-teknika. Ny STEAH dia afaka manana boky teknika sy fitondrana asa.


# Fanarahamaso ara-bola ireo fotodrafitrasa

## Asa sy andraikitra




### Andraikitry ny STEAH

- Manaramaso mandritra ireo fitsidihina ny fanajana ny teti-bola novinavinaina: manara-maso ny fanamarinana ny elanelana na ny banga, mahita sy mankatoa ny fampiasana ny vola.
- Miantoka ny fanangonana ny latsak'emboka (fitantanan'ny fokonolona) na ny haban'ny Kaomina (fitantanan'ny mpandraharaha)
- Manaramaso ny fanajan'ny mpitantana ny mangarahara amin'ny fampitana ny teti-bola, ny vola miditra sy ny fanamarinana ireo vola mivoaka amin'ny mpampiasa rano
- Mampita amin'ny mpampiasa rano sy ny mpitantana momba ny fampiasana ny volan'ny STEAH (fandravonana kaonty )




### Andraikitry ny ekipa kaominaly

- Miantoka ny fisian'ny vola (mpitam–bolan'ny STEAH na ny an'ny Kaominina) ary ny fahampiany hanarahana ny teti-bolan'ny STEAH sy manaramaso ny kaonty – mampandalo ny fankatoavan'ny manampahefana (Distrika)
- Manaramaso ny teti-bola EAH : manaraka ny vola miditra anisan'izany ny tamberim-bidy, Mandamina sy manamarina ny fandaniana. Mampita amin'ny fomba mangarahara amin'ny mpampiasa rano
- Miantoka ny fahazoan'ny mpiasan'ny STEAH karama
- Manazava amin'ny mpampiasa rano ny antony andoavana vola ny asa atolotra (service) momba ny rano sy manentana azy ireo.

**Fitantanan'ny fokonolona**

Ny teknisianina STEAH dia manampy sy manaraka ireo Komitin'ny rano amin'ny famolavolana teti-bola sy fanaraha-maso ny fampiasana ny vola.

**Fitantanan'ny mpandraharaha**

Ny STEAH dia afaka manendry mpanara-maso avy ivelany hanatanteraka fanombanana amin'ny fotoana voatondro vitsivitsy sy handi-nika ireo tatitra ara-teknika sy ara-bola.

### Tondro (indicateurs) ohatra amin'ny fanarahamaso ara-bola

**Fitantanan'ny fokonolona**

- Vidy ho any mpampiasa rano
- Isan'ny mampiasa rano
- Totalin'ny teti-bola
- Tahan'ny fanangonana ny teti-bola ho an'ny komitin'ny rano
- Tahan'ny fanangonana teti-bola ho an'ny STEAH

**Fitantanan'ny mpandraharaha**

- Fatran'ny rano aloha vola
- Isan'ny mpanjifa
- Fitambaran'ny vola miditra/vola mivoaka
- Fivoaran'ny isan'ny mpanjifa vatsiana eny an-tokatrano
- Fametrahana tatitra ara-bola ara-potoana
- Fandraisana anjara amin'ny fampivoarana ny STEAH

# Fitaovana sy tondro (ohatra) amin'ny fanarahamaso ara-bola


**Taratasy fifanekena famindram-pitantanana**



**Taratasy mitanisa ireo andraikitra eken'ny vondrona tsirairay avy. Io dia tondrozotra arahina mandritra ny jeritodika momba ny fitantanana.**

**Araka ny toe-javatra, ity taratasy ity dia afaka avaozina amin'ny fanasoniavana « avenant » amin'ny vondrona tsirairay mba handraisana ny fivoarana.**

**Fisy fanarahamaso ara-teknika sy ara-bola**



**Mitovy amin'ny fanarahamaso ny fotodrafitrasa, kahie isaky ny fotodrafitrasa mirakitra fanontaniana sy teboka arahina isaky ny fitsidihina.**

**Afaka izany mijery ny tatitra sy toro-lalàna napetraka nandritra ny fitsidihina taloha.**

**Karazana vinavinam-bola (Devis)**

**Lisitra misy ny vidin'ireo fitaovana sy ny mpivarotra ary ireo mpikarama**




**Tahirin-kevitra ampiasaina hanombanana ny vidin'ny asa sy fanamboarana ahafahana :**

**1/ manampy ireo mpitantanana (komitin'ny rano) hanao ny vinavinany**

**2/ manaramaso ny tatitra na fandravonana kaontin'ireo mpitantana**

**Tabilao fandravonana ireo fitsidihina**

| | | TEKNIKA | | | | FITANTANANA | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| AXE | Tenàna | Toetry ny FTD 0/1 | Toetry ny robinet firy/firy | Fanarahana ny toro-hevitra firy/firy | Torohevitra ... | Fitantanana KR (vola sy mangarahara) 0/1 | Taux BA % | Versement SCE 0/1 | Fanarahana ny toro-hevitra Firy/firy | Torohevitra ... |
| | Ampihaonana | | | | | | | | | |
| | Masomizahalahy | | | | | | | | | |

**Ahafahana mijery ireo vaovao lehibe mikasika ny fanarahamaso ara-**

**Fandravonana ny kaonty**

**Mitovy amin'ireo mpitantana izay manao fandravonana ny kaontiny, ny STEAH dia mila manao izany koa sy mampita amin'ny fomba mangarahara amin'ny mponina eo amin'ny Kaominina (*ity misy ohatra noforonina*).**


| Anarana | Vola mivoaka | Vola miditra |
|---|---|---|
| Fitsidihina/fanadihadiana | 150 000 | |
| Fampandehan-draharaha (kojakoja birao…) | 120 000 | |
| Karama | 110 000 | |
| Tamberim-bidy | | 300 000 |
| Atrik'asa, saran-dalana sy sakafo | 50 000 | |
| Ampahan'ny tetibolan'ny Kaominina ho an'ny rano-fahadiovana-fidiovana | | 200 000 |
| **Totaly** | **430 000** | **500 000** |
| **Ambin'ny vola** | | **70 000 Ar** |

FISY 7

# Fampahafantarana, Tamberin'andraikitra sy Fangaraharana

## Asa sy andraikitra




| Andraikitry ny STEAH | Andraikitry ny ekipa kaominaly |
|---|---|
| •Ny teknisianina STEAH dia manoratra tatitra ho an'ny ekipa kaominaly sy miteny mivantana momba ireo vaovao lehibe, | • Mandray ireo vaovao ampitain'ny STEAH |
| •Manavao ireo antontan-taratasy isaky ny fotodrafitrasa mikasika ny fanarahamaso ara-teknika sy ara-bola (manavao ny drafitra fampandrosoana ny kaominina - PCD) | • Mangataka ireo tatitry ny asa |
| •Mampita amin'ny tsirairay sy mampita ny hafatry ny kaominina, ny mpitantana sy ny mpampiasa rano | • Mampita amin'ny DREAH, manampahefana anivon'ny Distrika (momba ny vokatra, ny filàna amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao...) |
| •Manampy ny ekipa kaominaly amin'ny fifandraisana amin'ny DREAH, ireo manam-pahefana anivon'ny Distrika sy mpisehatra hafa mikasika ny rano | |

**Tondro ohatra amin'ny Tamberin'andraikitra /Fangaraharana**

- Fanomezana tatitry ny asa ara-potoana
- Fanatanterahana fivoriam-pokonolona
- Isan'ny fitarainana
- Fikarakarana ireo fitarainana

## Fitaovana ohatra

**•Fivoriana/ Tatitra**



Ny teknisianina STEAH dia tsy maintsy manome tatitra amin'ny ekipa kaominaly mba hampitana ireo hitan'ny sy ahazoana ny hevitr'izy ireo.


**•Afisy**

Ny STEAH sy ny Kaominina dia tsy maintsy mampita amin'ireo mpampiasa rano na ireo manam-pahefana voakasika. Izany mba hiantohana ny mangarahara, ny fidirana anaty « service » sy ny fitohizan'ny latsak'emboka.

Ireo Dina sy ireo fitsipika dia tsy maintsy fantatry ny rehetra.



**Fitaovana fanentanana**




Fitaovana ahafahana manazava amin'ireo mpampiasa rano

- ny mahazava-dehibe ny fandoavana ny « service » momba ny rano
- na ny fomba fikarakarana ny latsak'emboka sy famaritana teti-bola fikojakojana

# Fitahirizana taratasy sy tahirin-kevitra



## Asa sy andraikitra

STEAH

### Andraikitry ny STEAH

- Manana fandravonana ireo zavatra sy toe-javatra hita ary ireo laharam-pahamehana
- Mitahiry ireo fampahafantarana mikasika ny fotodrafitrasa ara-teknika, ireo taratasy ara-pitantanana (taratasy fifanekena, fitsipika mikasika ny fitantanana fotodrafitrasa sy ny STEAH)
- Mandahatra ireo antontan-taratasy

C.R

### Andraikitry ny ekipa kaominaly

- Miantoka ny fandaminana ireo antontan-taratasy

**? Ahoana no fomba hijerena ireo efa nokasain'ny ekipa kaominaly teo aloha natao ?**

Ny politikan'ny rano, ny fahadiovana ary ny fidiovana izay ho an'ny mponina voalohany indrindra dia tsy tokony miankina amin'ny olom-boafidy mifandimby. Ilaina izany ny fifampitan'ny vaovao sy antontan-taratasy amin'ny ekipa mifandimby.

## Fitaovana ohatra



### Tatitra / Afisy

Ireo tabilao mandravona ireo vokatra sy ireo famakafakana dia tokony ahafahana manaraka ny fivoarana sy mitahiry antontan-kevitra.

Ny fitahirizana ireo tatitra dia tokony atao mba ahafahana mahita aingana ireo fanapahan-kevitra noraisina.


Ny fampisehoana anaty sarin-tany dia ahafahana manana fijery ankapobeny.

### Fandaminana ireo antonta-taratasy

Ny fandaminana ireo « étagère » sy « classeurs » dia tokony ahitana malaky :

- Ireo taratasy fifanekena famindram-pitantanana
- Ireo taratasy fifanekena fikojakojana
- Ireo fitanana an-tsoratra ny fivoriana
- Ireo teti-bola sy antantan-kevitra ara-bola
- Ireo fanapahan-kevitra
- Ireo didim-pitondrana
- ireo sarin-tany ankapobeny ahitana ireo tanàna sy fotodrafitrasa
- Ireo antontan-kevitra teknikan'ireo fotodrafitrasa
- Ireo fitanana an-tsoratra ireo fandraisana fotodrafitrasa
- Ireo tatitra ny fitsidihina sy ny fandravonana azy
- Ireo fitaovam-piasana (toro-lalana, fitaovana fanentanana, afisy…)

### Drafitra fampandrosoana ny Kaominina (PCD - Plan Communal de Développement)



Ny fanavaozana ny PCD dia ahafahana mijery ny fandrosoan'ny kaominina momba ny rano-fahadiovana-fidiovana.

Ny fanavaozana ireo sarin-tany amin'ny alalan'ny fandravonana ny antontan-kevitry ny fitsidihina isan-taona dia ahafahana manavao ny fahafantarana ny tahan'ny fahazoana rano sy fahadiovana.

# Ho voahosotra ho tompon'ny taozavatra

**Ny Kaominina ambanivohitra dia tompon'ny taozavatra – *andininy 41 ny lalàna mifehy ny rano 1999* - nefa alohan'ny ahafahan'izy ireo mampiasa izany zony izany dia misy fepetra ilana fenoiny :**

- mametraka STEAH mandeha – Sampandraharaha momba ny rano, fahadiovana ary fidiovana (Service Technique de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène).

- manana drafitra fampandrosoana ny kaominina sy ny fokonolona, izay maharitra 2 taona farafahakeliny, ny raharaha famatsiana rano, fahadiovana ary fidiovana – tapany mikasika ny rano-fahadiovana-fidiovana anaty PCD (na PCDEAH)

- manaja ireo andraikitra ara-pitantanana, ara-bola, teti-bola izay misoratra anaty lalàna sy fitsipika madrindra ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana :

  → mamaritra laminasa isan-taona (Plan de Travail Annuel - PTA) ho an'ny sehatry ny rano-fahadiovana-fidiovana,

  → manana teti-bola natokana ho an'ny sehatry ny rano-fahadiovana-fidiovana (misy ny famatsiana ny STEAH sy ny karaman'ny teknisianinany)

  → ny ekipa kaominaly dia manaraka io teti-bola io (fandaniana, fidiram-bola) sy manao tatitra ara-bola any amin'ny Distrika ho fanaraha-maso ny fanaraha-dalàna.

- mametraka ny fahafahana ilaina amin'ny fampivoarana ny fotodrafitrasa vaovao:

  → fandraisana ny fotodrafitrasa rano sy/na fahadiovana = fananana lisitry ny fotodrafitrasa sy ny zavamisy eny an-tanàna mikasika ny fahazoana rano sy fahadiovana = PCD

  → fanokafana tolo-bidy mba hifidianana mpandraharaha mpitantanana tsy miankina : anatin'izany ny fanaganana Vaomieran'ny tolo-bidy.

Ity toro-lalana ity dia natao tao anatin'ny tetik'asa « Fampivoarana ny fahazoana rano fisotro madio sy fahadiovana » tanterahin'ny Inter Aide izay mikendry ny :

- Fanampiana ireo fotodrafitrasa fahazoana rano fisotro madio anatin'ireo Kaominina sy tanàna ambanivohitra eto Madagasikara,
- Fanatsarana ny fahadiovana anivon'ny tanàna sy ny fahaizan'ireo mpampiasa rano mikasika ny fidiovana sy ny fampiasa rano fisotro madio.
- Fametrahana rafitra fanaraha-maso, fitantanana ary fikojakojana ireo fotodrafitrasa vaovao sy ireo efa misy.

Misy tahiry hafa manazava ny fiasan'ny tetik'asan'ny Inter Aide sy antontan-kevitra fanampiny momba ny Fitompoana taozavatra Kaominaly afaka jerena:

- eo amin'ny sehatra fifanakalozana traikefa « Pratiques »: www.interaide.org/pratiques/

Sy

- eo amin'ny tranokala Inter Aide EAH Madagascar: www.interaide.org/watsan/mada

**Ireo asan'ny Inter Aide eo amin'ny sehatry ny rano-fahadiovana-fidiovana eto Madagasikara dia tohanan'ireto mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ireto :**

Tetikasa tohanan'ny
**VONDRONA EOROPENA**

*Ny anatin'ity boky ity dia raisin'ny Inter Aide irery ihany andraikitra ary tsy azo raisina ho fijerin'ireo mpiaramiombon'antoka ara-bola.*


Lancement et suivi de programmes concrets de développement

**Lot II H 21 ter, Nanisana, Tana 101, Madagascar**
**44 rue de la Paroisse, 78000 Versailles, France**

interaide@interaide.org



**Réalisation: Inter Aide, 2016**
**Crédit Photos: Inter Aide**
**Icônes: Source: OCHA**
**traduction : Herizo RAZAFINTSALAMA**